


**Jo Biden, Filoham-pirenenan'ny Etazonian'ny Amerika Avaratra faha-46 avy ao amin'ny antoko Demokraty**

Nandray anjara tamin'ny fihaonana an-tampony faha 34 ny Vondrona Afrikana ny Filoha Amerikana vaovao, Joe Biden, tamin'ny Zoma 5 febroary lasa teo, ary nampita hafatra tamin'ny alalan'ny horonan-tsary ho an'ireo mpandray anjara.

Notsindriany tao anatin'ny lahateniny fa *"matoky ny firenena afrikana"* i Etazonia ary *"vonona ny hiara-hiasa anatin'ny firaisan-kina sy hanohana ao anatin'ny fifanajana"*
.

Niverenany ihany koa ny momba ny valan'aretina coronavirus ary nilaza ny Filoha Biden fa *"ny taona vao nodiavintsika teo dia mampiseho fa mifamatotra ny tontolo misy antsika ary tsy afaka sarahina ny ho avintsika. Izay no mahatonga ny fitondrana tantanako hiezaka hamerina ny fiaraha-miasa amin'izao tontolo izao sy hamerina ny fifampidinihana amin'ireo rafitra iraisam-pirenena toy ny Vondrona Afrikana"*
.

**Ity manaraka ity ny dikateny malagasy ny kabarin'ny Filoha Joe Biden izay nampitaina tamin'ny fivoriana an-tampony faha-34 ny Vondrona Afrikana**

***Navoaka ny Zoma 5 febroary 2021***

Miarahaba ny tsirairay. Voninahitra ho ahy ny manolotra ny fiarahabana avy amin'ny vahoakan'i Etazonia amin'izao fivoriana an-tampony faha-34 ny Vondrona Afrikana izao.

Ny taona vao nodiavintsika teo dia mampiseho fa mifamatotra ny tontolo misy antsika ary tsy afaka sarahina ny ho avintsika.

Izay no mahatonga ny fitondrana tantanako hiezaka hamerina ny fiaraha-miasa amin'izao tontolo izao sy hamerina ny fifampidinihana amin'ireo rafitra iraisam-pirenena toy ny Vondrona Afrikana.

Tokony hiara-hiasa isika hampiroboroboana ny vina iraisana ho an'ny ho avy mendrika.

Ho avin'ny varotra sy ny fampiasam-bola miabo izay mampiroborobo ny fandrosoan'ny firenendrehetra.

Ho avy izay manome vahana ny fiainana anaty fandriam-pahalemana sy filaminana ho an'ny olompirenena rehetra.

Ho avy izay hanohanantsika ireo rafitra demokratika sy hampiroboroboana ny zon'olombelona ho an'ny rehetra – ny vehivavy sy ny ankizivavy, ireo LGBTQ, ireo manana fahasembanana, ireo hafa fiaviana, ireo hafa finoana ary ireo hafa kolontsaina.

Hahatongavantsika any amin'izay ho avy izay dia tokony hatrehantsika ireo fanamby lehibe izay eo anoloantsika.

Mila ampitomboina ny tetibola ho an'ny fahasalamana maneran-tany – resena ny COVID-19 ary misoroka, mitily ary miatrika ireo olana ara-pahasalamana hitranga amin'ny ho avy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny CDC afrikana sy ireo rafitra hafa miasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana.

Mila hakarina ny fiatrehana ny fanambin’ny fiovan’ny toe-tr'andro ka ireo firenena mandroso dia hampihena ny fikorontanan’ny toe-trandro izay efa manomboka miteraka hirifiry ary hahay hifanaraka amin’izany fiovana izany.

Ary hampihatra diplomasia mirindra sy mitsinjo lavitra, mifandray amin’ny Vondrona Afrikana, hiatrehana ireo fifandirana izay mitarika fahafatesana manerana ny kaontinanta afrikana.

Tsy misy mora izany rehetra izany.

Fa i Etazonia dia vonona ny ho mpiara-miasa aminareo anatin’ny firaisan-kina ary hanohana anareo ao anatin’ny fifanajana.

Matoky ny firenena afrikana izahay.

Amin’ny fananana toe-tsaina mandraharaha sy ny fanavaozana eo amin’ny kaontinanta manontolo.

Ary na goavana aza ireo fanamby manoloana dia inoana tsy am-pisalasalana fa ho afaka hiatrika ny firenentsika sy ny vahoakantsika ary ny vondrona afrikana.

Misaotra.

Embassy of the United States
MADAGASCAR
*Vaovao avy amin’ny Masoivoho Amerikana*

Fisaorana mitafotafo no atolotray eto amin'ny madagate ho an'ny Masoivoho Amerikana miasa eto Madagasikara, nandefa io dikateny io.